Lalampirenena faha-44

Traingo ny ati-doha mpanafika "taxi-brousse"

Tsy afa-niala tamin'ny barazy izay napetraky ny zandary teo Antsirinala- Moramanga ilay lehilahy voalaza fa ati-doha mpibaiko ireo jiolahy amin'ny fanendahana mpandeha amin'ny lalampirenena faha-44 iny. Voalaza fa hatry ny ela no nikarohan'ny mpitandro ny filaminana an'ity lehilahy ity, ka araka ny fanangonam-baovao tsy miato nataon'ny zandary, dia izao nody ventiny izao ny asa nataon'izy ireo. Handeha taxi-brousse hiakatra ho aty Antananarivo avy any Ambatondrazaka ny lehilahy, no sendran'ny barazy izay efa napetraky ny mpitandro ny filaminana. Tsy nanampo izany rahateo ity jiolahy, izay nipetraka tsara tao anaty fiara, ary dia noraisim-potsiny. Efa natolotra ny fitsarana moa ny lehilahy, ary notanana am-ponja vonjimaika miandry ny fotoam-pitsarana azy.

Mba hiaina kely amin'izay izany ny mpandeha sy ny kaoperativa mihazo amin'iny lalampirenena faha-44 iny. Saika nahita faisana hatrany tokoa mantsy izy ireo amin'ny fanafihana mitam-piadiana ataon'ity lehiben-jiolahy ity. Tsy nifidy asiana ry zalahy tamin'izany, fa na fiaran'olon-tsotra, na fiara manao andiany, na antoandro io, na alina dia samy voaendaka avokoa ny mpandeha ao anatiny. Vokatry ny asa ratsin'ity lehiben-jiolahy ity dia nisy mihitsy mpamily izay namoy ny ainy.

Na dia nampahory mpandeha maro aza, dia mba hisinda kely amin'izay izany ny horohoro sy tahotra nahazo ireo mpandeha amin'iny lalampirenena iny. Ny azo antoka mantsy, taorian'ny nahasamborana ny lehibeny dia tsy maintsy ho voasambotra avokoa ireo ekipa niaraka taminy.

A. J.

Malagasy any Amerika

Hiatrika fifaninanana

Izao no sary famantarana amin'ny lalao

Fantatra izany izao fa dia hotanterahina any Washington ny fihaonana ara-panatanjahan-tena ho an'ireo Malagasy (Rencontres Sportives Malagasy (RMS) monina sy mipetraka any Amerika avaratra (USA –Canada). Isan-taona dia ifandimbiasan'ny avy ao Washington DC, New York, ary Canada ity lalao ity, ka amin'io taona ambony 2007, izany hoe ny volana jolay. Lalao ara-panatanjahan-tena efatra no hifaninana amin'izany dia ny Basket, Volley, baolina kitra, ary ny tsipy kanetibe.

Ho fanomanana ny fandraisana ny RSM 2007 sy ho famaranana ny taona 2006 dia fantatra fa mikarakara alim-pandihizana miavaka ho an'ny Malagasy sy naman'i Madagasikara ry zareo any Amerika avaratra. Izany moa dia voalaza fa atao ny alahady 31 desambra ao amin'ny Anastasi Room 5020 Battery lane Bethesda, MD 20814. Ny hetsika rehetra izay atao, dia ho eo ambany fiahian'ny Masoivohon' i Madagasikara Ingahy Rajaonarivony Narisoa sy ramatoa vadiny.

Andaingo

Misy mpanera ny taolam-paty

Olona 5 be izao no indray voasambotry ny zandary tao amin'ny borigadin'Amboasary. Ny iray amin'ireo dia voalaza fa irony antsoina hoe " démarcheur", na mpanera mpitady olona hividy taolam-paty, fa ny efatra kosa no mpamaky fasana. Raha ny vaovao voaray, dia efa ho telo volana no nanaraha-maso ireo olon-dratsy ireo, satria nisy vaky fasana matetika tamin'iny faritra iny. Tra-tehaka tao Ambodirano Andaingo ihany anefa izy ireo, niaraka tamin'ny taolam-paty milanja 30 kilao. Zanantany sy mponina ao an-toerana ihany izy ireo. Fantatra fa vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny zandary sy ny andrimasom-pokonolona ary ny tompon'andraikitry ny fokontany ao Andaingo no nahatratrarana ireto olon-dratsy ireto.

Fiokona

Manamboninahitra dimy karohina

Tao no niandoha ny raharaha

Kolonely isany : Ralaikoa, Rakotomaronirina, Ramanantsalama, Boto Laurent, Rakotoarisoa Joie Hans ary ny Kapiteny Lalaina. Isan'ireo manamboninahitra izay namoahan'ny fitsarana didy fampisamborana araka ny taratasy laharana 21 315/RP/06 izy ireo. Voatonona ho mpiara-dia tamin'ny Jeneraly Randrianafidisoa noho ny raharaha 17 nôvambra tokoa izy enindahy ireo, ka izao mbola hanaovan'ny mpitandro ny filaminana fisavana sy savahao etsy sy eroa izao. Antony enina moa no voakilasy fa hanenjehina azy ireo dia ny hoe : fanohitohinana ny fitondram-panjakana, fidirana an-keriny sy fandrahonana ho faty, fiokona, fisandoham-pahefana ary vono olona. Efa voasambotra afak'omaly alina tetsy Ankadifotsy moa ny Jeneraly Fidy, ny sergent iray antsoina hoe : Mosesy Bernard ihany koa efa nitolo-batana ny sabotsy teo, ka dia izy enin-dahy izany sisa tamin'izao raharaha izao no mbola ifampitadiavan'ny mpitandro ny filaminana.

Raha ny nambaran'ny tompon'andraikitry ny mpitandro ny filaminana iray, dia hoe didy fampisamborana iray ihany ny azy ireo sy ny Jeneraly Fidy fa tsy hoe didy vaovao akory.

Mahakasika ny Jeneraly Fidy manokana, hatramin'ny omaly dia tsy mitsahatra ny maka am-bavany azy ny tompon'andraikitra, izay notsongaina manokana hisahana ny famotorana azy. Tsy mbola nisy moa ny resaka nipika ho amin'izany, fa saika nipetraka eo amin'ny siosion-dresaka hatrany no nahazoam-baovao.

Narilala

Anjevazoro – Anjozorobe

Afaka ireo nampangaina ho namono olona

Efa tamin'ny volana desambra 2004, ny alatsinainy nialoha ny krisimasy no nivoaka ny trano ny lehilahy iray, mba hanatitra volamenan'olona sy haka fitaovam-piasana. Tsy niverina intsony anefa izy ka nandeha tany amin'ireo toerana nolazainy fa halehany ny vadiny nitady azy, saingy tsy nahita fa nody maina. Tany amin'ny faha-9 janoary tany indray izy vao nahare fa nisy fatin'olon-tsy fantatra hitan'ny fokonolona ka nalévin'izy ireo. Rehefa nojereny moa dia fantany fa ilay vadiny izay tsy hita io maty io, ary nisy namono satria voakapakapa tamina zava-maranitra no nahafaty azy. Rehefa nandeha ny fanadihadiana dia hita fa nisy tsy nifandraika ny filazan'ireo fianakaviana izay tokony ho nanaterany volamena. Nilaza mantsy aloha izy ireo fa tsy nandalo tany mihitsy ilay rangahy, avy eo dia niteny indray hoe teny ihany izy fa nandalo fotsiny ary avy eo dia lasa naka fitaovam-piasana. Misy marina ihany ny zavatra nolazainy, saingy toa mampieritreritra ny fandavany tamin'izy ireo nanontanian'ilay vadiny, fa avy eo vao nanaiky indray. Ankoatra izay dia hita tsy lavitra ny toerramponenan'izy ireo ihany koa ny tapan'ny tongotr'ilay maty, izay nolazainy fa notaritaritin'ny alika, nefa dia tany amin'ny 4 kilaometatra avy teo no nahitana ilay razana. Mbola teo ihany koa ny fahafantaran'izy ireo fa tsy hita ny vadin'ny mpitory, izay mpanamboatra radio no asany, nefa raha nahita fatin'olona tsy fantatra izy ireo, izay niaraka tamina fitaovana fanamboarana radio, dia tsy nampandre ny vadiny izay efa nitady azy, na ny manampahefana. Tsy nisy porofo tena nivaingana anefa na vavolombelona nijoro, ka napetraky ny fampanoavana tamin'ny fahendren'ny fitsarana ny raharaha, ka nohafahana noho ny fisalasalana izy ireo, raha efa tany am-ponja vonjy maika hatramin'ny 18 janoary 2005.

R. L.

Fisavana trano

"Fanohizana ny ramatahora tamin'ny 2002"

Naneho ny heviny mikasika ny toe-draharaha mitranga eto amin'ny firenena amin'izao ny birao pôlitikan'ny antoko Akfm. Tao anatin'izay no nanipihan'izy ireo ny momba ireo fisamborana sy fanaovana savahao ny tranon'ny olom-pirenena samihafa taorian'ny latsa-bato. Na inona na inona anton'izany, hoy ny Akfm, dia mazava fa mbola fanohizana ny fanaovana ramatahora sy fampihorohoroana nokianin'ny maro, ary ireo olana momba ny raharaham-pitsarana tsy ara-drariny mbola tsy voavaha tamin'ireny raharaha 2001 sy 2002 ireny izao tohizan'ny fitondrana izao. Amafisin'ny fitondrana noho izany indray, hoy hatrany ny birao pôlitikan'ny Akfm fa tsy hitondra mankany amin'ny filaminana velively izao fihetsika mitranga sy atao etsy sy eroa izao.

Mahakasika ny fifidianana natao ny 3 desambra, ho an'ny Akfm na tsy mbola ôfisialy aza ny voka-pifidianana dia niharihary ary sahin-dry zareo ny manambara fa tsy taratry ny hevi-bahoaka velively ny ankamaroan'ireo vokatry ny latsa-bato. Antony nanambaran'izy ireo an'izany moa ny filazana *"ho fisian'ny fisolokiana lehibe sy tamin'ny fomba tsara rindra, izay natao tamin'ny vaton'ny tena mpifidy tany amin'ny fokontany samihafa, tamin'ny alalan'ny lisi-pifidianana"*.

Noho ireo indrindra dia niantso ireo olom-pirenena na nifidy na tsy afaka naneho izany ny Akfm mba hiara-hisaina lalina, ka hijoro sy tsy handefitra ho amin'ny fiarovana ny tena ara-dalàna sy tena ara-drariny eo amin'ny fandehan'ny fiainam-pirenena.

Fandrian-pahalemana

Mihetsika ny pôlisy

Tovolahy vao 19 taona no voasambotry ny pôlisy avy ao amin'ny kaomisaria ny boriborintany faha-V, Mahamasina, tamin'ny talata faha-12 desambra teo. Teny Anosibe teny no nahatratraran'ny pôlisy an'i Rasolofoniaina Rolland, izay monina eny Anosizato, mpibata entana no asany ary voarohirohy tamina resaka vaky trano. Namany roa no niaraka tamin'i Rolland namaky trano fivarotana entamadinika teny Amparibe tamin'io talata io, tamin'ny 1 ora maraina, ka entana maro be toa ny vata fampangatsiahana, fahitalavitra, bodofotsy roa, mizana roa, kiraro, sakaosy ary zava-pisotro miisa fito. Nisy tsy zakan'ireo mpangalatra daholo anefa ireo entana ka nisy nariany teny an-dalana. Teo anelanelan'ny Collège Saint Michel sy La Providence no nahitan'ireo pôlisy an'ireo entana nariany ka nahafahan'izy ireo nanara-dia ireo mpangalatra. Afaka nandositra ireo naman'i Rolland, fa izy irery no tratra ka natolotra ny fampanoavana omaly rehefa niaiky ny heloka vitany.

Anosibe

Nisy nitory tao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany faha-V ao Mahamasina i Armand` Randrianarison, fa nanimba findain'olona nampamboarina. Rehefa nantsoina teny amin'ny kaomisaria anefa izy dia fantatr'ireo pôlisy fa gadra nandositra anisan'ireo tadiavina. Tamin'ny faha-6 nôvambra 2006 no nandosirany ny fonjan'Antanimora, fa voaheloha 5 taona an-tranomaizina izy io tamin'ny 24 marsa 2004, noho ny raharaha *« attentat à la pudeur »*, ka tokony ho amin'ny 24 nôvambra 2007 vao mivoaka. Tamin'ny faha-11 desambra izy no tratran'ny pôlisin'i Mahamasina teny Anosibe, ka natolotra ny fampanoavana omaly.

Cité 67 ha

Andro antoandro be amin'ny 1 ora no nangalaran'i Jean Baptiste Rafaralahy teny amin'ny 67 ha tamin'ny alatsinainy faha-11 desambra teo. Efa nihaodihaody teo amin'ny toerana hangalarany izy io, ary nandrasany tsara ho tapitra tafavoaka avokoa ny olona rehetra tao amin'ilay trano, dia iny izy no nihoatra ny tamboho, niditra tao anaty fefin'olona. Diso tetika ihany anefa izy io satria tsy lasa lavitra ny iray tao an-trano fa niverina vetivety, ka izy handeha handositra hihoatra ny tamboho no nifanehatra tamin'ilay tompon-trano. Rehefa nosavaina ny teny aminy dia nahitana *« disjoncteur »* roa sy *« tourne vis »* telo. Avy hatrany dia noentina teny amin'ny kaomisarian'ny boriborintany faha-7 izy, ary niaiky rehefa nalaina am-bavany. Omaly ihany koa izy no natolotra ny fampanoavana.

Nangonin'i R. L.